

TATITRA
FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY
VONDROM-BAHOAKA IFOTONY

DINGANA FAHA : 7-8

Firenena: Madagasikara

Koaminina: SOAVINANDRIANA

Daty: 31 Janoary ka hatramin'ny 03 Febroary 2012

Toerana: CSA Soavinandriana



Figure 1: Ireo komity ny Miralenta



FIZAHAN-TAKILA

FANOLORANA	3
FANOKAFANA NY ATRIKASA.....	3
TANTARA.....	4
FIZOTRY NY ATRIKASA.....	5
SERASERA, FAMPAHALALAM-BAOVAO.....	6
TETI-BOLA.....	9
FAMPANDROSOANA ARA-EKONOMIKA IFOTONY.....	10
FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO.....	11
FANDRAVONANA NY DISADISA.....	12
INTERNET.....	15
VOKATRA AZO	16
Tovana A: Fandaharam-potoana.....	17
Tovana B : Lisitry ny mpandray anjara.....	18
Tovana D : Drafitr'asa SOAVINANDRIANA.....	21
Tovana E : Famintinana ny toman'ny atrikasa.....	48

FANOLORANA

Ny Talata 31 Janoary ka hatramin'ny zoma 03 Febroary 2012, no nanantaterahana ny atrikasa niarahana tamin' ny mpiaramiombon'antoka amin'ny fampandrosoana ny kaomina ambonivohitra Soavinandriana. Izany atrik'asa izany dia natao hanohizana ny dingana efa vita ary koa natao mba hanazavana ny fifaninanana fahatelo izany karakarain'ny Gender Links.

Ireo mpandray anjara dia nahitana ny solontena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpanolo-tsaina, ny solontena avy eny anivon'ny fokontany, tompon'andraikity ny fampandrosoana, solontenan'ny sampndraharanm-panjakana toy ny CISCO.

Ny votoatin'ny atrik'asa dia noho ny fampidirana fandaharam-piofanana hafa toy miralenta sy ny fampandroana ara-toekarena, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana ady sy disadisa ary ny Serasera ny fampitaham-baovao.

Anisan'ny zava-dehibe natao tamin'io koa ny fanaovana toman'ezaka tamin'ny drafitr'asa momba ny fametrahana ny miralenta eny ifotony sy ny ady amin'ny herisetra ary nahafahan'ny Kaominina nampiditra ireo zavatra hita fa mampadroso tamin'ny fandaharana vaovao izay efa voalaza tetsy ambony.

FANOKAFANA NY ATRIKASA



Figure 2: Ben'i tananan'i CU Soavinandriana

Natrehan' ny Ben'ny tanana ny fanokafana ny atrik'asa

Ny ben'ny tanana ny kaominia ambonivohitra Soavinandriana , teo @ lahateny nataony dia niteny sy niarahaba ny olona rehetra , nisaotra ny mpikarakara , nametraka fa ny kaominina no mifandray @ mponina akaiky indrindra ankoatry ny FKT , maro ny herisetra mianjady @ vehivavy ary tsapa fa vitsy dia vitsy ny vehivavy miasa à kaominina ka ilaina ny ezaka ho ataontsika hiadiana @ izany , nomarihiny fa ity fiofanana ity dia ho tohin'ny fiofanana izay efa natomboka ka namoahan'ireo mpizaika ny drafitrasa izay nankatovina teo @ filan-kevitra.

Taorian'ny lahateny fanokafana dia nandray fitenenana Ranoromalala Lantoharitiana ,rehefa avy niarahaba sy nirary soa ny mpiofana dia nanome fanazavana fohy : fa raha nanao ny fiofanana tamin'ny stage 2-3-4 isika dia hanantateraka ny stage manaraka, tamin'izay no nanomezana ny tanjona ny fiofanana, ny fanazavana ny mikasika ny fihaonam-be nasionaly (sommet national) ka handraisan'ny kaominina (centre d'excellence)anjara ary koa ireo nanao ny asa izay miady @ herisetra sy ny mivohy ny miralenta.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimasoa ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatry'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitra ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana antampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra

hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra. Mbola nisy koa io fivoriana an-tampony io tamin'ny volana Marsa 2011 ary amin'ity taona ity izany hoe taona 2012 dia ny volana Aprily no anaovana azy.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanazavana ny fifaninanana lehibe nasionaly sy aty amin'ny faritra Atsimon'Iafrika

Rehefa vita ny fanolorana ny fandaharana dia niroso t@ votoatin'ny atrik'asa, ny nisantarana izany moa dia ny fanazavana ny antsipirihany ny mikasika ny (sommet national) dia ny :

- ▶ Fandaminana ankapobeny ny mikasika ny sommet national : ny toerana hanantontosana izany , ny daty , ny isan'ny mpandray anjara, ny fotoana hanangonana ny tsara vitan'ny kaominina (collecte des bonnes pratiques) sy ireo vondrona , na fikambanana mivohy ny miralenta sy miady @ herisetra;
- ▶ Ny karazan'ireo lohahevitra mahasarika ny tsirairay (categories) ary indrindra fa ny fanazavana ny antsipirihan'ireo lohahevitra tsirairay ireo.

Tao anatin'ny fanazavana ny mikasika ny sommet national dia maro ny fanontaniana sy ny ady hevitra mahakasika izany, tao anatin'izany dia nisy ny fandresen-dahatra natao t@ mpiizaika ny mba handraisany anjara .

Rehefa vita ny fanazavana ny sommet national dia niroso t@ lohahevity ny fiofanana ny artik'asa.

Tsy ny mpiatrika ny atrik'asa ihany no nahazo tombontsoa tamin'ny fanazana ny fifaninanana andiany faha telo fa teo koa ireo mpiaramiobon'antoka, fikambanana maro samihafa ary koa olon-tsootra. Betsaka ny vonona hilatsaka ho mpifaninana taorian'io fampafantarana io. Taorian'io dia nisy ny fizarana ireo antontan-taratasy ahafahana mirotsaka ho mpifaninana.

Manaraka izany dia fampahafantarana ny atrik'asa manaraka :

- ▶ Fampiofanana mikasika ny :
 - Serasera , fampahalalam-baovao (Communication , Media) ;
 - Teti-bola mifantoka @ miralenta (Budget) ;
 - Miralenta sy ny fampandrosoana ny toe-karena ifotony;
 - Ny fandravonana disadisa ;
 - Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro sy ny fampandrosoana maharitra;
 - Fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary;

- Fanavaozana ny drafitr'asa mifanaraka @ ireo lahadinika voalaza tetsy ambony
- Fanangonana ny tsara vita sy nampiharina (collecte des bonnes pratiques)

Nampahafantarina ny mpizaika ihany koa ny endriky ny fandaminana izay mirakitra toy izao manaraka izao

- ▶ Faharetan'ny atrik'asa 04 andro ;
- ▶ Ny mpizaika : ireo nanatrika ny fiofanana ny Stage 1-2-3-4;
- ▶ Ny toerana dia toerana fanantaterahana ny artik'asa eny anivon'ny Kaominina;

Taorian'izay moa dia naseho ny fandaharam-potoana (cf tovana)

SERASERA, FAMPAHALALAM-BAOVAO

TANJONA ANKAPOBENY :

- ▶ Ny fahaizan-mampita vaovao ilain'ny vehivavy mpitarika .

TANJONA MANOKANA

- ▶ Fifehezana ny tontolo manodidina ny serasera;
- ▶ Filazana ireo anjara asa voasokajy ho an'ny vehivavy sy lehilahy eo anivon'ny fiaraha-monina sy fijerena ny fanehoana izay @ fitaovan-tserasera;
- ▶ Fifanakalozan-kevitra @ fivoizana ny miralenta (hevidiso);
- ▶ Fanamafisana ny fahaiza-manao ny vehivavy @ fanehoana hevitra;
- ▶ Fanamafisana ny fahaiza-manao ny mpizaika ny fahaizany maneho an-tsoratra ny heviny manokana;
- ▶ Fijerena ireo paik'ady ahafahana miserasera @ fitaovam-pampitam-baovao ;
- ▶ Mba hanentanana , hanamparihana hevitra , ny ady hevitra mikasika ny miralenta , mba hahatonga ny miralenta ho lasa firesaka;
- ▶ Fijerena akaiky raha manome lanja ny miralenta ny lalàna mifehy.

VOTOATINY

SERASERA

Ny tanjona :

- ▶ Fifehezana ny tontolo manodidina ny serasera
- ▶ Fifehezana mampita sy mandray hafatra
- ▶ Tetika sy paika @ serasera
- ▶ Ny fomba samihafa hitondrana ny serasera
- ▶ Ny fampahalalana tena

- ▶ Ireo singa entina hampitana hafatra

Mba hahatrarana io tanjona io dia ireto manaraka ireto ny zanaka lohahevitra nolalinina:

- ▶ Ampitampitao tati-bilana;
- ▶ Fomba samihafa hitondrana ny serasera ;
- ▶ AHOANA AVY IREO PAIKA ENTINA @ SERASERA ?

Ny fomba natao nentina nampitana ny lohahevitra dia

- ▶ Fanontaniana narahim-baliny
- ▶ Ny fampiasana, ny fanadihadiana ny tranga misy
- ▶ Asa tarika
- ▶ Seho sehatra

Taorian'ny asa natao ireo dia ireto avy ny lesona tafita t@ mpizaika:

- ▶ Famaritana ny atao hoe : serasera
- ▶ Ny tontolo manodidina ny serasera
- ▶ Tetika sy paika

Marihina fa nisy ny fampiasana ny tahirin-kevitra "Ivo toerana mendrika mivohy ny miralenta » PEJY 153, 154 Miampy ny fanazavana avy aty mpampiofana, teo ihany koa ny fifehezana ny :

- ▶ Fanehoan-kevitra
- ▶ Fanentanana
- ▶ Fandresen-dahatra
- ▶ Tambazotra
- ▶ Fifehezana ireo fitaovam-pampitam-baovao (PEJY 158)
- ▶ Fampahalalana tena (PEJY 160)
- ▶ Ireo fitaovana kirakira entina mampita hafatra (PEJY 164)
- ▶ Ny tsara ho fantatra @ fahaiza mampita vaovao ilain'ny vehivavy mpitarika PEJY 167

Miampy fanazavana sy ady hevitra ary fintina

Rehefa voafehin'ny mpizaika ny mikasika ny atao hoe : serasera sy ny manodidina azy dia niroso tamin'ny "Fampahalalam-baovao" ka ireto avy ny hevitra nampitaina :

1-Fizahana ny seho an-gazety

Votoatiny

- ▶ Manao asa tarika:
 - Zaraina gazety ny tarika
 - Mijery ny isan'ny vehivavy sy ny lehilahy ao anaty gazety



Figure3: asa tarika

- Mijery ihany koa ny kisary maneho ny hevitra ankolaka , an-karihary mikasika ny vehivavy sy ny lehilahy

Tsoan-kevitra

- ▶ Ny anjaran-toeran'ny vehivavy sy ny lehilahy eo @ seho an-gazety

2- Fanehoan-kevitra mikasika ny miralenta (SEHO AN-TSEHATRA)

Tson-kevitra:

- ▶ Fahaizana maneho hevitra
- ▶ Fahaizana mihaino ny hafa
- ▶ Fifehezana ny hevitra tiana ho hampitaina
- ▶ Fahaizana mandresy lahatra
- ▶ Fahaizana mandray ny do-miverina (feed-back)

3-Fahaizana-miara-miasa @ fampahalalam-baovao (napetraka t@ mpizaika ny fanontaniana):

Inona avy ireo haino aman-jery misy eto @ kaominina na distrika misy anao ?

Efa nisy fifampiresahana nataonao tamin'izy ireo mahakasika ny miralenta sy ny ady @ herisetra?

Inona ary ireo paik'ady entina hifandraisana sy hisarihana ireo haino ama-jery

Tsoan-kevitra:

- ▶ Fahafantarana ny haino aman-jery eo @ faritra misy anao mba ahafahanao mamapfahatantra ny olona ny fisiana , ny hevitrao ary ny tiana ho ampitaina
- ▶ Fahaizana mamaritra ny paik'ady entina hifandraisana aminy

FANAMARIHANA :

Marihina fa nandray anjara mavitrika ny mpizaika tamin'ity lohahevitra ity , nahasarika tanteraka azy ireo izany satria ny fahaizana miserasera , ny fampiasana ny fitaovana fampahalalam-baovao ary ny fifehezana ny haino am-jery no anisan'ny paikady entina hivohizana ny miralenta ary hiadiana @ herisetra mba ho fampahafantarana ny olona ary indrindra fa ny handraisana anjara ka hitondrany ny fanovana eo @ fiaraha-monina misy azy Rehefa tontosa izany lohahevitra mikasika ny serasera izany dia niroso t@ fisakafoanana ary avy dia niditra t@ lohahevitra manaraka.

TETI-BOLA

TANJONA :

Amin'ity lohahevitra ity , ny mpizaika dia hahay

- ▶ Fintantanana ny vola hirosoana @ miralenta sy ny fanampariahana ny fahalalana momba ny miralenta;
- ▶ Manana teti-bola misahana ny miralenta.

VOTOATINY

MIRALENTA , NY FIHARIAN-KARENA ARY NY TETI-BOLA

- ▶ Ny lainga hiainana eto an-tany;
- ▶ Ireo andraikitra sahanin'ny vehivavy mpikarakara tokan-trano;
- ▶ Fanazavana ny fiharian-karena eo @ sehatra miankina sy ny sehatra tsy miankina.

Taorian'ny fanadihadiana ny tahirin-kevitra (Pejy 56, 57, 58, 59) dia nisy ny fintina ary narahina ady hevitra avy @ ireto fanontaniana ireto

- ▶ Misy anjara asa natokana ho an'ny vehivavy ve?
- ▶ Raha tsy handraisana karama ve dia tsy fiharian-karena?
- ▶ Inona no tolon-kevitra avy aty @ mpiofana mikasika ny fiharian-karena ka hisy fiantraikany eo @ vehivavy sy lehilahy hisian'ny fampandrosoana

TETI-BOLA

TANJONA

- ▶ Ny teti-bola izay tantanina eo anivon'ny Kaominina dia misy ampahany miahy ny miralenta mba hisian'ny fiantraikany eo @ vehivavy sy lehilahy

FOMBA NAMPITANA NY LOHAHEVITRA

- ▶ Nisy ireo fampiasana ny famoahana ny teti-bola eny anivon'ny kaominina ary indrindra fa ny fanadihadiana ny tahirin-kevitra ;
- ▶ Mijery ny teti-bola ;
- ▶ Manadihady ny fandaharan'asa eny anivon'ny kaominina (pejy 61-62).

FINTINA SY TSOAN-KEVITRA

Fampahafantarana ny mpizaika fa :

- ▶ Ny teti-bola eo anivon'ny kaominina dia tokony hijery ampahany hiasana @ ady atao @ herisetra sy ny fametrahana ny miralenta;
- ▶ Hisy fiantrakany eo @ fianain'ny vehivavy sy ny lehilahy ny fanantanterahna ny teti-bola PEJY 63;

Nisy ny ady hevitra nivoitra tamin'ny fanantontosana ity teti-bola ity ka nandray anjara mavitrika tamin'izany ireo mpiasan'ny kaominina.

Nifarana tamin'ny 4ora sasany hariva ny fiofanana t@ ity andro voalohany ity , marihina fa tsy hadino ny mapatsiahy ny mpiofana ny famenoana ny (fiche de presence) ary ny fanentanana ny handray anjara ny fifaninnana ny @ sommet national .

FAMPANDROSOANA ARA-EKONOMIKA IFOTONY (developpement economique local)

TANJON'NY LOHAHEVITRA

- ▶ Fampahafantarana ny mpizaika ny mikasika loharanom-pamokarana sy ny asa ao @ fifanarahan'ny SADC momba ny miralenta;

Fametrahana ny andraikitra ny kaominina manoloana ny fampandrosoana ny toe-karena ifotony

VOTOATINY :

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra

Raha ny sehatr'asa azon'ny vehivavy andraisana anjara hita nandritra ny asa isam-baomiera dia ireo avy:

- Fambolena sy fiompinana
- Varotra
- Asa fanaovana volo

Betsaka ny olona hita teo amin'ireo sehatra. Nefa misy ny sakana tsy hahafahan'ny vehivavy mandray anjara amin'izany, ka anisan'izany ireto manaraka ireto:

- Tsy fahampian'ny enti-manana
- Tsy fahampian'ny fitaovana
- Tsy fahampian'ny fahalalana sy traikefa
- Tsy fanana vola ahafana mampiodina ny asa
- Tsy fahampian'ny fiofanana amin'ireo sehatra ireo
- Tsy fisian'ny lalam-barotra

Manoloana izany rehetra izany dia manana andraikitra betsaka ny kaominina mba hanamaivanana sy hamahana ireo. Nisy ny vahaolana naroson'ny kaominina tsirairay:

- Fitadiavana mpamatsy vola hividiana fitaovana
- Fitadiavana fiaraha-miasa amin'ny teknisianan'ny fambolena sy ny fiompiana mba hijara traik'efa
- Fijarana masom-boly ho an'ny mpamboly
- Fitadiavana lalam-barotra ho an'ny mpamokatra

FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO

TANJONA

Amin'ity lohahevitra ity dia :

- ▶ Fahafantarana ny mikasika ny fiovaovan'ny toetrandro :
 - NY ANTONY
 - NT FIANTRAIKANY
 - N Y FIFEHEZANA
- ▶ NY Fifandraisan'ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro
- ▶ Ny fampandrosoana maharitra

VOTOATINY :

Nodinihana tao anatin'ity ny :

Famaritana ny

- Fiovaovan' ny toetrandro ;
- Fampandrosoana maharitra ;
- Ahoana ny fiovaovan'ny toetrandro @ vondrompiaraha-monina misy anao ;
- Ny Fifandraisan'ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro ;
- Ny paik'ady hiatrehana ny fiovaovan'ny toetrandro : fakana volon-tany (adaptation), fampihenana ny fiantraikany (attenuation).

Ny fomba nentina nampitana ny lohahevitra:

- ▶ Fanontaniana arahiana valiny;
- ▶ Asa tarika ;
- ▶ Famintinana, fandinihana ny tahirin-kevitra.



Figure 4: Fanehoana ny vokatry asa tarika



figure 5: asa tarika

Fintina :

Tao anatin'ny fandalinana mikasika fivoavan'ny toetr-andro dia nitondra fanazavana manokana ny solotena avy ao @ tontolo iainana sy ny ala ka nanome ny heviny mikasika ny fomba fampiasana ny arina vita @ vato mba tsy handringanana ny ala Taorian'izay dia niroso tamin'ny lahadinika manaraka.

Nahatsapa ny mpizaika tsirairay avy fa manana andraikitra amin'ny fampihenana ny fiatraikan'io amin'ny vahoaka ary koa amin'ny fametrahana lamin'asa ahafahana miatrika io fiovavovan'ny toetrandro. Manoloana izany dia nanapan-kevitra ny kaominina fa hanatanteraka ireto manaraka ireo:

- Fambolen-kazo
- Fanaraha-maso ny hazo voavoly
- Fanentanana ny olona amin'ny fikojakojana ny ala
- Fahampafatarana ny olona ny voka-dratsin'ny doro tanety sy tavy
- Fanofanana ny mponina mikasika ny fivoavan'ny toetrandro

FANDRAVONANA NY DISADISA**TANJONA**

- ▶ Fahafantaran'ny vehivavy sy ny lehilahy ny tontolo manodidina ny disadisa;
- ▶ Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy @ fandravonana ady sy fametrahana fandriampahalemena;
- ▶ Fisorohana ny fanararaotana ary fiarovana ny vehivavy sy ny ankizy mandritra ny olana ara-politika, sosialy ;
- ▶ Fanomezana rariny ho an'ny olona niharan'ny herisetra.

VOTOATINY NY LAHADINIKA :**TANJONA**

- ▶ Fahafantaran'ny vehivavy sy ny lehilahy ny tontolo manodidina ny disadisa;
- ▶ Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy @ fandravonana ady sy fametrahana fandriampahalemena;
- ▶ Fisorohana ny fanararaotana ary fiarovana ny vehivavy sy ny ankizy mandritra ny olana ara-politika, sosialy ;
- ▶ Fanomezana rariny ho an'ny olona niharan'ny herisetra.



**Figure 6: seho antsehatra
t@ fandravonana disadisa**

VOTOATINY NY LAHADINIKA :

- ▶ Fepetra mikasika ny fitondrana sy fifampitondrana notsoahina tao @ fifianarahan'ny SADC momba ny miralenta sy ny fandravonana disadisa : nasongadina teo @ mpizaika ny andininy 28:
 - Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy @ fandravonana ady sy fametrahana fandriampahalemena;
 - Fisorohana ny fanararaotana atao @ vehivavy sy ny ankizy sy ny fiarovana azy ireny mandritra ny ady itanam-piadiana;
 - Fanomezana rariny ho an'ny olona niharan'ny fanolanana.

Avy eo dia nametraka ny fanontaniana

- ▶ Inona no ifandraisan'ireo fepetra ireo @ zava-misy ao @ kaominina na distrika misy anao ?

Nandray anjara teo @ famaliana ity fanontaniana ity ny mpizaika rehetra ary nahatsapana fa tsy ampy ny vehivavy eo @ kaominina indrindra fa ny mpikambana ao @ filankevitra izay tompon-andraikitra voalohany @ fandravonana disadisa eo @ kaominina Mba ho famapahafantarana ny vontootin'ny disadisa dia nisy ny seho antsehatra ka nandraisan'ny mpizaika anjara :

Seho an-tsehatra

Tarika telo:

- ▶ Mpintantana eo anivon'ny Kaominina
- ▶ Vondrona vehivavy
- ▶ Mpanelanelana

Taorian'ny seho antsehatra dia no nahafahana ny nampitana ny:

- ▶ Famaritana ny atao hoe disadisa

Ny fanontaniana narahim-baliny no nahafahana nanao tsoan-kevitra fa ny disadisa dia:

- Tsy fifankazahoana misy eo @ vondrona roa;
- Filana, tombotsoa voatohitohina ;

- Toe-javatra mety hakasika ny ny lafiny ny vatana, fihetsem-po, na fahefana, na sata no voatohitohina.
- ▶ Karazana disadisa na ady:
 - Fifandraisana vondrona roa samy hafa ;
 - Fifandraisana olona roa samihafa ;
 - Eo @ tenan'ny olona iray.

Anton'ny disadisa:

- Tanjona tsy ifanarahana
 - Ny fiheverana tsy mitovy @ alalan'ny soatoavina , kolontsaina ;
 - Fampiharana ny lalàna , sy ny fitsipika misy eo @ fiaraha-monina ;
 - Tsy fitoviana.

 - ▶ Fiantraikan'ny disadisa
 - Herisetra ;
 - Tsy fandriam-pahalemana, tsy fiasian'ny filaminana ;
 - Tsy fisian'ny fampandrosoana .

 - ▶ Ny dingana ho fandravonana ny disadisa
- Fomba entina mampitsahatra ny ady na eo samy olona , na vondrona ,
 Ny tanjona dia hisian'ny famahana olana ka ny tsirairay dia hahazo tombotsoa , ho tonga
 @ fifanarahana ka ny dingazna arahina amin'izany
- Famantarana ny toerana misy ao anaty disadisa
 - Ireo olona hisehoan'ny disadisa
 - Ny anton'ny disadisa
 - Ny famantarana ny karazana disadisa
 - Ny fisehoany , fiantraikan'ny disadisa , fahafantarana ny olona hiantraikan'ny disadisa
 - Ny toerana hitrangan'ny disadisa
 - Fihainoana ny hevitr'ireo olona hisehoan'ny disadisa
 - Mijery ny vaha-olana hamahana ny disadisa
 - Fandraiketana an-tsoratra ny vaha-olan noraisina
 - Fanaovana tomban-ezaka ny vaha-olana nampiharina
- ▶ Fandravonana ady sy miralenta
 - Mahakasika ny zo , andraikitra , fifandraisana fifanantonana , fanarenana
 - Ny singa fototra iankinan 'ny fandravonana ady :

- Fampahafantarana , fifaneraserana, tombotsoa, tsy fitanilana , fitondrana hevitra na fomba vaovao
 - Ny faran' ny fandravonana dia ny FIFANARAHANA ho @ tombotsoa iraisana
- ▶ Toetra tokony hanana @ fandravonana disadisa:
 - Fahaizana mihaino
 - Tsy mitanila
 - Fanajana ny zo sy ny hevitra ny hafa
 - Fandraisana fanampaha-kevitra mazava ampahatoniana

NY FOMBA NATAO HO FAMPITANA NY LOHAHEVITRA

- ▶ Fanontaniana arahim-baliny
- ▶ Asa tarika

Tsapa fa liana tamin'ny lahadinika nandritra ny fiofanana ny mpizaika tao @ kaominina Soavinandriana

Anisan'ireo olana mateti-pitranga sy saro-bahana eny anivon'ny kaomina ny resaka ady tany ka io no nentina nitarihana ny mpandray anjara mba hilaza ny tokony ataony raha misy io tranga io. Izany ihany koa no nentina nijerena ny fahalalan'ny tompon'andraikitra eny anivon'ny kaominina momba ny fandravonana ady sy disadisa.

Nanao izay azony natao ho famahana ny olana ireo tompon'andraikitra ary rehefa avy nandray anjara ny rehetra ny hita fa tokony jerena ny lalàna sy ny fiarahamonina rehefa misy fandravonana disadisa.

INTERNET

TANJONA

- ▶ Mahafehy ny fampiasana ny tranokala ny mpizaika
- ▶ Manana laharana e-mail ny tsirairay

VOTOATINY

Teo amin'ny toeram-piofanana tao @ CSA Soavinandriana dia afaka nanantateraka ny fanokafana sy fianarana solosaina ny mpizaika ary tamin'izany dia nifampiresaka tamin'ny tompon-andraikitra tao @ CSA izahay mba nahafahana nanantosa ity lahadinika manaraka ity



figure 7: fampianarana internet

Marihina fa nifanampy tamin'ny mpizaika ny tao @ CSA Soavinandriana t@ fanaovana ny kaonty e-mail ary ny fampianaran ny internet.

Fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary:

Na dia efa manana CSB II aza ny kaominina dia mbola misy vaomiera manokana manentana ny olona mba hitandrina satria mbola betsaka ny olona tsy mino an'io fisian'ny VIH/ SIDA io, Efa nisy koa teto amin'ny kaominina fijerena maimaimpoana ny aretina VIH/SIDA.

Ny azon'ny kaominina atao dia ny manentana hatrany ny olona mba hanao fitiliana ary koa mba mampahafantatra io fomba fisoroana ny fihanaky ny aretina VIH/SIDA.

Tombana momba ny drafitr'asa miralenta sy ady amin'ny herisetra teo aloha sy fampidirana ireo fandaharam-piofanana vaovao ao anatin'ny drafitr'asa:

Efa manana drafitr'asa momba ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra ny kaominina, kenefa noho ny fisian'ny fandraharana vaovao izay hita fa mametraka ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra eny ifotony, dia nampidirina tao anatin'ny drafitr'asa ny politika hatao momba ny miralenta sy ny fampandrosona eny ifotony, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana disadisa ary ny fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary. Teo koa ny fanaovana jery todika ny drafitr'asa teo aloha ary ny fijerena manokana ny asa vita, ny eo andalam-pahavitana.

VOKATRA AZO

- 20 mpandray anjara izay solotena avy eo @ kaominina , de STD (santé , éducation , Force de l'ordre, Tantsaha , mpianatra , voahofana
- Teo @ fihafaran'ny fivoriana dia nitsangana ny fikambana miralenta ka ireo mpizaika dia mpikambana avy hatrany
- Drafitr'asa mikasika ny miralenta sy ny ady atao @ herisetra nasiam-panovana ka nampidirana ny asa atao mahakasika ny fampandrosoana ara-ekonomika ifotony, ny fiandrehana ny fiovaovan'ny toetrandro efa eo ampelatanana
- Fahavitrihan'ny olona handray anjara @ fifaninana (sommet national)
- Ny mpizaika tsirairay dia nahatsangana laharana e-mail

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

Firenena:Madagasikara
kaominina:Soavinandriana
Toerana: Bureau de CSA Soavinandriana
Daty:

Ora	Fandaharana	Tompon'andraikitra
ANDRO VOALOHANY		
08h-8h 30	Fandraisana	LANTO
8h 30h- 9h	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	LANTO
9h- 9h15	Fanolorana ny fandaharam-potoana ny atrikasa	LANTO
9h 15 – 10h30	Fanazavana ny SOMMET NATIONAL sy ny SOMMET REGIONAL	
10h30-10h 40	Fiatoana kely	
10h 40 – 13h	Loh 1 : SERASERA	LANTO
13H- 14 H	Sakafo	
14h-16h	Loh 2 : TETIBOLA	LANTO
ANDRO FAHAROA		
08H 30- 9h	Fandraisana	
9h-10h 30	Loh 3: FAMPANDROSOANA EKONOMIKA IFOTONY	LANTO
10h30- 10h 40	Fiatoana kely	
10h40 -12h 15	Loh 4: FIOVAOVAN'NY TOETRANRO	LANTO
12h15-14h	Sakafo	
14h-17h	Loh 5 :FANDRAVONANA DISADISA	LANTO
ANDRO FAHATELO		
08H 30- 9h	Fandraisana	
9H – 10 h 30	Loh 6 : INTERNET	CSA
10h30 – 10h45	Fiatoana kely	
10h45-12h30	FANAVAOZANA DRAFITRASA	mpizaika
12h30-14h	Sakafo	
14h-16h	Fanangonana tsara vita (collecte des bonnes pratiques)	mpizaika
ANDRO FAHAHEFATRA		
9H – 10 h 30	Fanangonana tsara vita (collecte des bonnes pratiques)	

TOVANA B – Lisitry ny mpandray anjara



Fandaharana:
Firenena: MADAGASCAR
Toerana CU SOAVINANDRIANA
Daty:
FICHE DE PRESENCE

N°	Anarana & Fanampiny	SEXE	Toerana hiandreketana	Andraikitra	TEL	E mail
01	RANDRIANASOLO Solofomahatratra	M	Commune Urbaine Soavinandriana	Maire	033 18 957 33	
02	RAZAFIMIARISOA Lalainaritiana Veronique	F	Région Itasy	Responsable MSI Itasy « Marie Stops »	033 08 839 80	tianaveronique@gmail.com
03	RAMAMONJISOA Nalaina	F	CLEF Commune Urbaine Soavinandriana	Animatrice CLEF	033 03 504 30	nalainamihaja@gmail.com
04	RASOANOMENJANAHARY Lalaina	F	Région Itasy	Animatrice paysanne	033 09 092 70	lalainasamirabaka@gmail.com
05	VOLOLOMBOAHANGIMANANTSOA Vonimboahirana	F	Commune Soavinandriana	CROIX ROUGE	033 08 442 05	vonimboahirana@gmail.com
06	RAZANANTSOA Jacqueline	F	Commune Soavinandriana	Tantsaha	033 01 446 99	Jacqueline.miranto@gmail.com
07	RAKOTOARIMANANA Robin	M	Dist Soavinandriana	Chef de service Population	0325027089	robin@gmail.com
08	RANDRIAMIANDRIASOA Jean Olivier	M	ECAR Soavinandriana	Justice et Paix	033 13 783 00	jeanolivier@gmail.com
09	RAVONIARISOA Sophie	F	CISCO Soavinandriana	Responsable Pascale	032 44 359 06	sophie@gmail.com
10	RASOARIMIANANA Albertine	F	CISCO Soavinandriana	Responsable EP.	033 07 638 49	rasoa@gmail.com

11	RABENOROSOA Ony	F	Lycée Soavinandriana	Professeur au Lycée	034 12 622 88	poitranisainana@gmail.com
12	RAJAOBARY Rivo - Harinoro	F	Environnement et Forêts Soavinandriana	Assistante	033 29 576 52	Rajaobary.rivo@gmail.com
13	RANDRIAMAHAROMANANA Hery	M	Conseil Municipal C.U Soavinandriana	Conseiller	034 10 839 02	hery@gmail.com
14	RAFARAMIHANTA Bodosahondra	F	Association « OLIVA »	Présidente	033 72 407 38	bodosahondra@yahoo.fr
15	RAZAFIMAHANDRY Aline	F	District Soavinandriana	Chef de District	032 74 923 28	alinedist@gmail.com
16	RAMILISON ANDRIANANDRAINA Hery Lalaina	F	Soavinandriana	Adjoint u Maire	033 03 529 88	Lalaina-adm@yahoo.fr
17	RAVOLOLONIAINA Anne Marie	F	CEF SOA	Chef Cantonnement	034 05 625 69	ambinina@yahoo.com
18	RAKOTOARISOA Frank	M	CIRDR	Collaborateur de developpement	034 08 826 97	rakotoarisoafrank@yahoo.fr
19	RAKOTOMALALA Sendra	M	Dist Soavinandriana	Journaliste	032 11 323 70	sendraharizo@yahoo.fr
20	RATOLOJANAHARY J René	M	Dist Soavinandriana	Journaliste	033 78 385 05	
21	LANTONRINA Celestin	M	CU Soavinandriana	Conseil Municipal C.U Soavinandriana	033 13 399 18	chelemania@gmail.com
22	RAZANANIVO Ginette	F	FKT Soavi ambony	Sec FKT	034 18 513 22	ginnete@gmail.com
23	RABEARISOA Alfred	M	CU Soavinandriana	Personnel commune		Alfred@gmail.com

STATISTIQUE PAR GENRE ET POUcentage

FEMMES	14	61%
HOMMES	09	39%
TOTAL	23	100%

Tovana D : Drafitr'asa SOAVINANDRIANA

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- **Iza** – sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraiketry ny asa na hetsika?
- **Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana** – inona no iaingana, valio ireo fanontaniana?
- **Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra**– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany, valio ireo fanontaniana?
- **Rahoviana** – Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?
- **Teti bola** – Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA						
Fampahafantaran'ny Commune ny fifanaraham-piarha-miasa , ny FAA amin'ny vahoaka.	-Antso amin ny radio,affichage, -fandehanana any amin'ny fokontany, -fampahafahantarana amin `ny haino aman-jery -spot, bandérole / projection	-Ben'ny Tanana sy ny mpiara-miasa -service rehetra -Chef de fokontany -olon-tsootra.	Tsy fantatry ny olona ny fifanarahana mikasika ny miralenta ary ny fanentananany @ izany	100% ny vehivavy mahafatatra ny fifanarahana	Manomboka NOV	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fametrahana ny politika momba ny miralenta eo anivon'ny kaomininina	Famolavolana ny politika sy paik'ady mikasika ny miralenta sy ny ady atao @ herisetra Fampiharana @ alalan'ny fanentanana ny fampiroboroboana sy fampiarana ny politika ny miralenta ho any ny kaominina	-Ben'ny tanana sy ny mpiara-miasa -Chef de fokontany Sampadraharampanjakana rehetra	Tsy fisian'ny politika mikasika ny miralenta sy ny ady atao @ herisetra Maro ny vehivavy hiaran'ny tsindry hazo lena eo @ asany	Politika sy paik'ady nolaniana teo anvon'ny filankevitra ary mihantra	Manomboka ny volana Nov	
Fisian'ny mpitarika sy mpintantana	Fametrahana tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina misahana manokana ny fampiofanana ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina Fanomezana fiofanana an'ireo mpanolontsaina fototra momba ny miralenta mba ho azo antoka fa ireo tompon'andrakitra mahefa no ho loha laharana momba ny miralenta.	Commune , district , sampadraharampanjakana ,	Tsy nisy ny fandrindrana sy ny fintantanana mazava	Fisian'ny tompon'andraikira iray mpitarika mikasika ny miralenta tondro @ fiofanana	Manomboka ny volana Nov	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
I. FITANTANANA						
Representation						
Fampitombona ny isan'ny vehivavy mpanolontsaina amin'ny fifidianana manaraka mba ho azo antoka ny fahatratrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry ho 50% ny tahan'ny vehivavy eo amin'ny kaominina alohan'ny taona 2015.	Fananganana fikambanana miaro ny miralenta	Commune , district , sampadraharampanjakana, FKT,sante education	Tsy fisian'ny fikambananamirona @miralenta , sy miady @ herisetra	Fikambanana aradalana miady @ herisetra sy mirona @ miralenta	Manomboka ny volana Nov	
	Fanentanana, fandresen-dahatra eny anivon'ny fokontany sy ny sampandraharahampanjakana	commune , Fikambanana miaro ny miralenta	Tsy mahafantatra ny votoatin'ny asa handraisany andraikitra ny vehivavy	100% ny fokontany sy ny sampandraharahampanjakana nahazo fanenatanana	Manomboka volana dec	
	Fanofanana sy fampafahafantrana ny vehivavy ny asa amanandraikitra ny mpanolon-tsaina	Fikambanana miaro ny miralenta, AESG, SAHA	Tsy fantatry ny olona ny asa atao @ maha mpanolo-tsaina Tsy ampy ny isan'ny vehivavy ao @ kaominana (mpanolotsaina tsy misy vehivavy Matahotra ny resaka politika	30% vehivavy dingana 1 30% ny dingna 2 40% dingana 3	Manomboka volana dec 2011-jona2012	
	Fanaovana tomban'ezaka amin'ny fanentanana sy ny fanofanana natao	Fikambanana miaro ny miralenta, commune	Tsy fantatra ny fiantrakain'ny asa natao	Tatitry ny tomban'ezaka	manomboka ny janv 2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fandraisan anjara						
Fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy satria ny filan'izy ireo dia matetika lasa ankila bao na saron'ny filana na tanjon'ireo antoko politika.	Fampianarana, fanabeazana ny maha zava-dehibe ny fanapaha-kevitra ny vehivavy ho fampadehanan-draharaha ao amin'ny Kaominina.	IBen'ny Tanana sy ny mpanolotsaina Fikambanana miaro ny miralenta MPANAO POLITIKA	-Tsy Fahavononana. - tsy Fahasahiana maneho hevitra	100% ny vehivavy mahatsapa ny fisiany eo @ fiaraha-monina.	. Manomboka volana dec	
	Fisiana Tambazotra fiaraha-miasa miaraka amina vondrona nasionaly, na provinsialy hafa.	-ireo hery velona rehetra ao amin'ny miralenta.	-Tsy ampy ny serasera isaky ny fokontany.	-mitombo ny isan'ny vehivavy mampihatra ny miralenta Fianaraham-piarahamiasa vita sonia	. Manomboka volana dec	
Manofana ny vehivavy eo anivony kaominina mba afahan'izireo mijery ny zavatra rehetra mikasika ny vehivavy	Fijerevany ny traikefa anan'ireo vehivavy mpitondra ao anatin'ny kaominina	Commune ,SAHA, AESG	Tsy ampy ny traikefa @ mpiasa @ commune Tsy fahaizan'ny mpiasa mandray olona	100% ny mpiasa mahay manao ny asany	. Manomboka volana dec	
Manofana ny lehilahy eo anivony kaominina mombany miralenta ary manentana azy ireo mba hanohana ny miralenta	Manao fanofanana momban'ny miralenta ho an'i lehilahy eo anivon'i kaominina	Fikambanana miralenta	Tsy ampy ny traikefa momba ny miralenta @ mpanolotsaina @ commune	100% ny mpanolo tsaina mahazo ny votoatin'ny resaka miralenta	Manomboka volana dec	
	Manao fifampiresahana isam-bolana momba ny miralenta ny eo anivon'ny kaominina.	Fikambanana miralenta, commune		Fivoriana 12 vita mandritra ny taona	Manomboka janv 2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fandraisana anjaran'ny vahoaka						
Fampandraisana anjara mitovy ny vavy sy ny lahy eo amin'ny raharaha eo anivon'ny fitondrana ifotony.	-Famporisihana ny rehetra hanatrika ny fanentanana . -Manabe sy miezaka mampahafantatra ny olana mety hiseho sy miantra matetika ao antokatrano.	Commune , district , Fikambanana miralenta	Tsy fahazotoan'ny vahoaka - Tsy fisian'nyn faharesendahatry ny vahoaka.	100% ny mponina nahazo fanentanana	Manomboka nov	
